TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA FAHA : 5-7-8

Firenena: Madagasikara

Kaominina: Miantso

Daty: 24– 27 Janoary 2012

Toerana: Lapan'ny kolotsaina Miantso

gender links for equality and justice

FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA 3

TANTARA..... 4

FIZOTRY NY ATRIKASA 5

FANAZAVANA NY FIFANINANANA LEHIBE NASIONALY SY ATY AMIN'NY FARITRA ATSIMON'IAFRIKA 5
FAMPIASANA SY FAMPIHARANA .....**ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.**
HEVITRA NIVOAKA NANDRITRA NY ADY HEVITRA..... 6
SERASERA, FAMPAHALALAM-BAOVAO SY TETI-BOLA 6
MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY
NY MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO ARY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA.....6
NY FIFEHEZANA NY DISADISA: 8
TOMBANA MOMBA NY DRAFITR'ASA MIRALENTA SY ADY AMIN'NY HERISETRA TEO ALOHA SY FAMPIDIRANA IREO FANDAHARAM-PIOFANANA VAOVAO AO ANATIN'NY DRAFITR'ASA:..... 9

TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA 10

TOVANA B – LISITRY NY MPANDRAY ANJARA 11

TOVANA D : DRAFITR'ASA KAOMININA MIANTSO ..... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.

TOVANA E – FAMINTINANA NY TOMBAN'NY ATRIKASA 38

FANOLORANA

Ny Talata 24 hatramin'ny Zoma 27 Janoary 2012, dia tafavory tao amin'ny lapan'ny kolotsaina kaominina Miantso ny mpiaramiombon'antoka amin'ny fampandrosoana ny kaomina. Izany atrik'asa izany dia natao hanohizana ny dingana efa vita ary koa natao mba hanazavana ny fifaninanana fahatelo izany karakarain'ny Gender Links.

Ireo mpandray anjara dia nahitana ny solontena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solontena avy eny anivon'ny fokontany, tompon'andraikitry ny fampandrosoana.

Ny anton'ny atrik'asa dia noho ny fampidirana fandaharam-piofanana hafa toy miralenta sy ny fampandroana ara-toekarena, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana ady ary disadisa .

Anisan'ny zava-dehibe natao tamin'io koa ny fanaovana tomban'ezaka tamin'ny drafitr'asa momba ny fametrahana ny miralenta eny ifotony sy ny ady amin'ny herisetra ary nahafahan'ny Kaominina nampiditra ireo zavatra hita fa mampadroso tamin'ny fandaharana vaovao izay efa voalaza tetsy ambony.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra. Mbola nisy koa io fivoriana an-tampony io tamin'ny volana Marsa 2011 ary amin'ity taona ity izany hoe taona 2012 dia ny volana Aprily no anaovana azy.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanazavana ny fifaninanana lehibe nasionaly sy aty amin'ny faritra Atsimon'i Afrika

Nandray fitenenana voalohany ny Sekretera Jeneraly ny kaominina, Atoa RAJAOVELO Rivonarinjaka ka nanambara fa ho atsangana ara-dalàna ny fikambanana miralenta eto Miantso, ka ny mpikambana dia omena karatra, badge, sns.

Rehefa izany dia notohizan-dRtoa RAHERISOA Vololona Victorine ny fanazavana mikasika ny fifaninanana lehibe nasionaly sy aty amin'ny faritra atsimon'I Afrika :

- Ny asa niainana sy nandraisana anjara fa tsy zavatra foronina no atao amin'izany
- Ny fara-fanangonana azy dia ny alarobia 8 Febroary 2012
- Ho entina eny amin'ny sommet nasionaly eny amin'ny CCI Ivato ny 12-13-14 Martsa 2012 ny mpifaninana izay miisa 200 manerana ny Nosy, any Johannesburg no mandeha ireo tafita hifaninana farany amin'ny sommet regional ny 23-24-25 Aprily 2012 ka samy mikarakara ny pasipaorony fa ny visa sy fandaniana rehetra any Afrika Atsimo kosa dia ny GL no miantoka izany.
- Tamin'ny fotoana manaraka no nizarana ireo takelaka fandraisana anjara ho an'ireo izay vonona.

Fampidirana

Rehefa vory daholo ny mpiofana dia tamin'ny 10 ora 30 min maraina no nosokafan'ny Rtoa RAHERISOA Vololona Victorine, mpampiofana, ka ny lahateniny dia naompany tamin'ny fampahatsiahivana ny fiofanana tami'nny telo volana lasa niantombohan'ity fampiofanana momba ny miralenta ity izay natao teto miatso. Nomarihiny ary fa tohin'ny natao tamin'ny 4-6 Octobre 2011 ity atomboka anio talata 24 Janoary ity.

Nambarany ihany koa fa noho ny maha voatendy azy mpikambana ao amin'ny kongresin'ny tetezamita (CT) dia hanova ho tsara ny asa ka hitondra fahombiazana sy fampandrosoana ary fiovana lehibe ho an'ny firenena izao ezaka fametrahana ny miralenta izao.

Rehefa izany, dia nomena fitenenana ny mpiofana mba anaovany tatitra ny zavatra niainany taorian'ny fiofanana voalohany amin'ny fampiharana ny miralenta any amin'ny sehatra niasany avy :

- Rtoa Gertrude (mpamboly) : Fananganana fikambanam-behivavy tany amin'ny Fokontany misy azy avy
- Chef ZAP : Fampiharana miralenta amin'ny fandraisana mpampianatra FRAM
- SG Kaominina : nametraka teti-bola hikarakarana ny miralenta
- Madé Olga talen-tsekoly : nampiditra mampianatra fanatanjahan-tena vehivavy
- Ramatoakely Ony (mpiasan'ny kaominina) : ho fiarovana ny vehivavy amin'ny ady amin'ny herisetra dia nisy rafitra napetraka tao amin'ny kaominina. Voalaza koa tamin'ny fifampiarahabana tratry ny taona 2012 dia nisy firesahana momba ny miralenta nataon-dRamatoa Ben'ny Tanàna ary fandraisan'ny kaominina andraikitra momba ireo manana olana manokana ka omeny vahaolana.

- Nomarihin-dRamatoa mpampiofana ny fiovana lalina sy fandrosoan'ny miralenta tsapa amin'izao fotoana izao

Rehefa izay dia natomboka ny fampiofanana tamin'ny lohahevitra :

1. Fomba fampitana vaovao sy serasera :

Rehefa voafaritra ny tanjon'ny lohahevitra dia navoaka tamin'ny asa tarika ireo sakana tsy ahafahan'ny vehivavy maneho hevitra dia :

- Ny henatra
- Tsy fahampian'ny fitaovana sy ny fotoana
- Ny toe-tsaina raiki-tapisaka toy ny hoe hevi-behivavy, sns

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Taorian'ny adi-hevitra mikasika ny fampitam-baovao dia nisongadina ireto hevitra ireto :

- Tokony ho voafehy tsara ny vaovao ampitaina
- Tsy azo atao ny mamorona na manitatra
- Zon'ny rehetra ny mahazo vaovao
- Ny mpiofana dia tokony hahay mampita ny fiofanana izay azony
- Hamafisina ny ady amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy sy ny ankizy, ialàna ireo toe-tsaina raiki-tapisaka ary atsangana ny foto-drafitr'asa misahana ny miralenta.

2- Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena ifotony:

Raha ny sehatr'asa azon'ny vehivavy andraisana anjara hita nandritra ny asa isam-baomiera dia ireo avy :

- Fambolena : fanatsarana ny foto-drafitr'asa mahatomombana ny fifehezana ny rano ho an'ny voly vary an-drano : barazy, lakan-drano, sns
- Fampiharana ny teknikam-pambolena avo lenta
- Fampiasana masomboly mamokatra sy nohatsaraina
- Fampiasana zezika biolojika mba ahazoana vokatra BIO ara-pahasalamana
- Fanaovana karazam-boly samihafa mba ialàna amin'ny tsy fahampian-tsakafo : mangahazo, katsaka, voanjobory, voanjolava, tsaramaso… ny eto Miantso
- Fiompiana : fanatsarana ireo karazam-biby ompiana ary indrindra ny fiarovana azy amin'ny aretina amin'ny alalan'ny fanaovana vaksiny, satria "aleo miaro toy izay mitsabo"
- Fikarakarana ny fahasalamam-bahoaka
- Famongorana ireo hevitra toe-tsaina raiki-tapisaka sy ireo fomba nentim-paharazana efa lany andro izay misakana ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy eo amin'ny fampandrosoana ifotony
- Fanamboarana sy fikojakojana ireo foto-drafitr'asa (làlana) fivezivezen'ny olona sy famoahana ny vokatra

- Fikarakarana ireo mpanao asa tànana
- Varotra : fametrahana toeram-pivarotana amin'ny fambolena sy fiompiana

Betsaka ny olana hita teo amin'ireo sehatra. Nefa misy ny sakana tsy hahafahan'ny vehivavy mandray anjara amin'izany, ka anisan'izany ireto manaraka ireto:

- Tsy fahampian'ny enti-manana
- Tsy fahampian'ny fitaovana
- Tsy fahampian'ny fahalalana sy traikefa
- Tsy fanana vola ahafana mampiodina ny asa
- Tsy fahampian'ny fiofanana amin'ireo sehatra ireo
- Tsy fisian'ny lalam-barotra

Manoloana izany rehetra izany dia manana andraikitra betsaka ny kaominina mba hanamaivanana sy hamahana ireo. Nisy ny vahaolana naroson'ny kaominina tsirairay:

- Fitadiavana mpamatsy vola hividianana fitaovana
- Fitadiavana fiaraha-miasa amin'ny teknisianan'ny fambolena sy ny fiompiana mba hijara traik'efa
- Fizarana masom-boly ho an'ny mpamboly
- Fitadiavana lalam-barotra ho an'ny mpamokatra

3- Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetr'andro ary ny fampandrosoana maharitra :

Rehefa natao ny fampitahana ny zava-nisy taloha sy ny zavatra iainana amin'izao fotoana izao dia tsapa fa misy fiovana ny toetr'andro. Rehefa vita ny fanazavana ny fandaharana sy ireo fifanarahana nasiônaly sy iraisam-pirenena natao sonia, ny paik'adin'ny fanjakana Malagasy momba ny fiovaovan'ny toetrandro. Nahatsapa ny kaominina fa manana andraikitra amin'ny fampihenana ny fiatraikan'io amin'ny vahoaka ary koa amin'ny fametrahana lamin'asa ahafahana miatrika io fiovaovan'ny toetrandro io.

Nofakafakaina ny antony nahatonga ny fiovaovan'ny toetr'andro :

- Raha ny antony voajanahary aloha dia tsy misy azo atao raha misy izany.
- Saika vokatry ny ataontsika olombelona avokoa ny mitarika ny fiovaovan'ny toetr'andro toy ny : doro tanety, doro ala, fikapana hazo maro nefa tsy misy fambolen-kazo anoloana azy.
- Tokony asiana fandinihana lalina ny fomba fiasan'ny KMDT "Komity Miady amin'ny Doro Tanety" amin'ny fanomezan-dàlana hikapana hazo.

- Nohazavaina koa ny atao hoe "gaz à effet de serre" izay manimba ny "couche d'ozone" izay tokony handanjalanjana ny fiantraikan'ny herin'ny masoandro miantefa ety amin'ny planeta tany onenantsika.

Manoloana izany dia ireto no vahaolana naroson'ny mpiofana :

- Ady amin'ny doro tanety sy doro ala, charbon
- Fambolen-kazo : fihinam-boa, paulonia izay hazo aingam-pitombo sy mahery mitroka gaz carbonique
- Fanaraha-maso ny hazo voavoly
- Fanentanana ny olona amin'ny fikojakojana ny ala
- Fahampafatarana ny olona ny voka-dratsin'ny doro tanety sy tavy
- Fananganana vaomiera manokana momba ny fijerena ny ala sisa.

4- Ny Fifehezana ny disadisa :

Natomboka tamin'ny asan-tarika ka nozaraina tarika roa ny mpiofana :

- Tarika voalohany naneho ny herisetra nianjady tamin'ilay renim-pianakaviana narary ka tsy afa-nahandro sakafo hovantanin'ny vadiny
- Ny tarika faharoa indray dia nampiseho fa tsy nampiditra vola ao an-tokantrano ilay raim-pianakaviana nefa mitaky sakafo isaky ny tonga ao an-tokantrano ary manao vava be sy midaroka, Ramatoa anefa tsy manan-katokona satria tsy misy vola.

Natao seho an-tsehatra narahina fifanakalozan-kevitra ireo tranga roa ireo ary hita fa nahafinaritra ny fandraisana anjaran'ny mpiofana ary tafita ny hevitra tiana ahatongavana.

SANTIONANY AMIN'NY SEHO AN-TSEHATRA

SEHO AN-TSEHATRA NANDRAISAN'NY MPIOFANA ANJARA

Tombana momba ny drafitr'asa miralenta sy ady amin'ny herisetra teo aloha sy fampidirana ireo fandaharam-piofanana vaovao ao anatin'ny drafitr'asa:

Raha ity kaominina ity no resahina dia efa manana drafitr'asa momba ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ny kaominina Miantso, kanefa noho ny fisian'ny fandraharana vaovao izay hita fa mametraka ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra eny ifotony, dia nampidirina tao anatin'ny drafitr'asa ny politika hatao momba ny miralenta sy ny fampandrosona eny ifotony, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana disadisa ary ny fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary. Teo koa ny fanaovana jery todika ny drafitr'asa teo aloha ary ny fijerena manokana ny asa vita, ny eo andalam-pahavitana.

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA
Firenena: Madagasikara
Kaominina: Miantso
Daty: 24 - 27 Janoary 2012

Ora	Daty	Iza(Tompon'andra ikitra)
	24 Janoary 2012	
08h-8h 30	Fandraisana	GL
8h 30h- 10h	Fanazana momba ny fifaninanana andiany fahatelo	GL
10h- 10h 30	Loh 1: Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena eny ifotony	GL
10h 15- 10h 30	**Pause café**	
10h 30 - 12h30	Asa isam-baomiera	Ny mpiofana
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h -15h	Tatitra	GL
15h-15h30h	Loh 2 : Fandravonana ady sy ny disadisa	GL
15h30-16h	Asa isam-baomiera	Ny mpiofana
16h- 16h 15	**Pause café**	
16h 15- 17h	Tatitra	GL
	25 Janoary 2012	
8h30-9h	Loh 3: Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetr'andro ary ny fampandrosoana maharitra	GL
9h – 9h 30	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
9h30 -10h 15	Tatitra	
10h15 – 10h 30	Pause café	
10h 30- 11h	Loh 4: Fanomezan-danja ny fikarakarana marary	Ny rehetra
11h- 11h 30	Atrik'asa isam-baomiera	
11h 30- 12h	Tatitra	
12h – 12h 30	Tombana momba ny drafitr'asa sy fampidirana ireo asa tokony ho ataon'ny kaominina izay vohadinika nandritry ny fiofanana	Ny mpiofana
12h 30- 14h	**Sakafo**	
14h30- 16h	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
16h15 – 16h 30	**Pause café**	
16h30- 17h	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
17h- 17h15	Famintinana sy tombana	Ny rehetra

Annex A: **ATRIK'ASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**
Firenena:Madagasikara
kaominina: Miantso
Toerana: Lapan'ny kolontsaina Miantso
Daty: 26 – 27 Janoary 2012

Ora	Fandaharana	Tompon'andraikitra
Alakamisy 26 Janoary 2012		
08h-8h 30	Fandraisana	
8h 30h- 9h	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny Tanana
9h-10h- 10h 15	Loh 1:Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana Mijery CD Quiz	Vololona / Rivo
10h 15- 10h 30	**Fiatoana kely**	
10h 30 - 12h30	Loh 2 : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta	Vololona / Rivo
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	Loh 3 : Miralenta sy Fitondrampanjakana	Vololona / Rivo
16h-16h15	**Fiatoana kely**	
16h15- 17h	Loh 4 : Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta	Vololona / Rivo
Zoma 27 Janoary 2012		
8h-10h	Loh 5: Ho mpitarika mahomby mitondra fanovana	Vololona / Rivo
10h- 10h15	**Fiatoana kely**	
10h15 -12h 15	Loh 7: Famolavolana drafitrasa hampiroborobona ny Miralenta sy drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony.	Vololona / Rivo
12h15 – 12h 30	Fizarana tarika : G1: Famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta. G2 :Famolavalana drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony	Vololona / Rivo
12h30-14h	Sakafo	
14h-17h	Atrik'asa isam-tarika	Vololona / Rivo
Andro fahatelo		
8h – 10h	Atrik'asa isam-tarika (Tohiny)	Vololona / Rivo
10h – 10h15	**Fiatoana kely**	
10h15-12h30	Tatitra ny atrik'asa isan-tarika	Vololona / Rivo
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	Tatitra ny atrik'asa isam-tarika	Vololona / Rivo
16h-16h15	**Fiatoana kely**	
16h15-17h	Tombana	Vololona / Rivo

Annex B:

Fandaharana:
Firenena: MADAGASCAR
Toerana: Lapan'ny kolotsaina Miantso
Daty: 26 – 27 Janoary 2012

FICHE DE PRESENCE

	Anarana & Fanampiny	SEXE	Toerana hiandreketana	Andraikitra	TEL	E mail
	RAMAROJAONA Joroniaina Tsiriharivony	M	Fkt Miantso	Chef ZAP	033 17 466 18	
	RAZOELIMANANA Claire	F	Fkt Talata Avaradrano	Mpanentana	033 08 118 78	
	RAZAFINDRASENDRA Gertrude	F	Fkt Soavina	SEECALINE		
	RAZANADRASOAMARO Vaonasolo Dinà	F	Fkt Mandriankeniheny	COSAN		
	ANDRIAFISAINANTSOA Zokiherivonjy Mamilanto	M	Fkt Miantso	Mpianatra		
	ANDRIATSITOHAINA Zo Miranto	M	Fkt Miantso	Agent BIF Miantso	033 19 591 71	
	RAZAFIARISOLO Marie M.	F	Fkt Soavina	COSAN		
	RAHARINIRINA Onjanantenaina	F	Fkt Miantso	COSAN	034 04 601 64	
	RASOAMANARIVO Nambinintsoa	F	Fkt Miantso	Olon-tsotra	033 78 823 23	
	RINDRANANTENAINA Hanitriniony	F	Fkt Miantso	Hôtesse d'Accueil CR Miantso		
	RAZAIARISOA Hanta Nirina	F	Fkt Miantso			

	RAMANANTANY Armand	M	Fkt Miantso	Secrétaire Etat Civil		
	RAZAFIHARIMANGA Rosette Olga	F	Fkt Miantso	Mpampianatra	033 05 232 71	
	NOMENJANAHARY Lucie Sylvie	F	Fkt Miantso	Mpampianatra	033 29 156 06	
	RASOANOMENJANAHARY Anastasia Sylvia	F	Fkt Miantso	Mpampianatra		
	RAZAFIARIMANDA Hanitra	F	Fkt Mandrososorasaha	COSAN	033 13 72293	
	ARIMANANA Jeanne Augustine	F	Fkt Miantso	SEECALINE	033 20 968 06	
	RANEDSON Zelifina	F	Miantso	Maire	032 46 366 25	
	RAJAOVELO Rivonarinjaka	M	Miantso	Secretaire Général	033 78 871 28	rajaovelorivonarinjaka@yahoo.fr
	RAHERISOA VOLOLONA Victorine	F	AESG	Formatrice	033 15 677 07	vololonaheris@yahoo.fr

Attendance statistics per gender and percentage:

Femme	13	76.5%
Homme	04	23.5%
TOTAL	**17**	**100%**

Mpiofana manitsy drafitr'asa hifanaraka amin'ny lohahevitra vaovao (Sary nangonin'I Vololona)

Annex C :

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana,valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra****– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
Fampahafantarana eo anivon'ny kaominina momba ireo fifanarahana iraisam-pirenena sy eo anivon'ny faritra sy ny sehatra nasionaly mikasika ny miralenta	Fanangonana ireo tahirin-kevitra rehetra mirakitra izany sy ny nadikana izany amin'ny teny Malagasy ka haparitaka manerana ny fokontany sy ny vohitra any am-potony	KAOMINNA-ONG afaka miara-miasaamin'ny kaominina	Tsy fisian'ny tahirin-kevitra na sary mikasika amin'ny miralenta amin'y teny malagasy	HIta ao amin'ny kaominina ireotahirin-kevitra momba ny miralenta izay amin'ny teny Malagasy ary voazara any amin'ny fokontany sy vohitra ka atao ho fitaovam-panentanana	Novambra 2011	
Fahafahana mampiaina ny miralenta eo anivon'ny kaominina	Fanentanana sy fanofanana ireo tompon'andraikitra voakasika rehetra	Kaominina;ireo mpitarika mpikatroka ny miralenta rehetra	Tsy fahafantaran'ny vahoaka ny amin'nymiralenta sy ny mombamomba azy	Voahofana sy voaentana ny mpitantana ny fokontany sy ny kaominina	Novambra 2011	
Fampidirana amin'ny fanentanana ataon'ny mpitondra isaky ny misy fidinanan ifotony amin'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amn'ny fampandrosoana ny kaominina sy amin'ny	Fidinana eny ifotony ataon'ny Ben'ny Tanana sy ny mpiara-miasa aminy	Ny mpanantanteraka ao amin'ny kaominina;ny filan-kevitra kaominaly	Fahalainan'ny vehivavy mirotsaka amin'ny fampandrosoana fa variana amin'ny ao an-tokantrano fotsiny;tsy fisian'ny vehivavy mirotsaka	Fahabetsahan'ny vehivavy manao asa fampandosoana;mba fara-faharatsiny ho 25%N'ny mpitondra ho vehivavy	Marsa 2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
politika			amin'ny politika			
I. FITANTANANA						
Representation						
Fampitomboana ny vehivavy ho tompon'andraikitra ifotony	Fandresen-dahatra ny lehilahy hampiirsika ny vadiny handray andraikitra ;miresadresaka sy mitafatafa amin'ny eny ifotony ny amin'ny fandraisana andraikitra	Ny vehivavy efa manana andraikitra rehetra sy ireo lehilahy efa resy lahatra amin'ny fampanjakana ny miralenta	Fahavitsian'ny vehivavy tompon'andrakitra	Resy lahatra ny 25%n'ny lehilahy ny amin'ny fandraisan'andraikitry ny vehivavy	Janoary 2012	
Fandraisana anjara						
Fametrahana tambajotra momba ny fifandraisana @ ssehatra nasionaly ssy iraisam-pirenena mihatra eny ifotony	Fananganana vondrona ifotony mpikatroka amin'ny miralenta;famondronana ireo resy lahatra ho ao amin'ny vondrona ifotony(V.O.I Miralenta)	Kaominina;ireo mpitarika mpikatroka ny miralenta rehetra	Tsy fahalalana ny fisian'ny fanentanana momba ny miralenta	FItanganan'ny vondrona ifotony hivoizana ny miralenta	Dessambra 2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDR AIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fandraisana anjaran'ny vahoaka						
Fitovian'ny solotenan'ny lahysy ny vavy eo anivon'ny seham-pitarihina eny ifotony.Miainga amin'ireo ankolafinkery samihafa efa nisy mpikatroka vehivavy	Fandrisihina ny vehivavy handray anjara amin'ny fifidianana sy fanohanana azy ireo eo amin'ny andraikiny	Kaominina;ireo mpitarika mpikatroka ny miralenta rehetra	Fahavitsian'ny vehivavy mandray andraikitra	Mitombo ny firotsahan'ny vehivavy ho mpissehatra amin'ny fandraisana andraikitra eny ifotony	Desambra 2011	
II. LAMIN'ASA						
Fahazahoana antoka fa voalaza sy hita soritra mazava ao anatin'ny tetikasan'ny kaominina ny miralenta	Fametrahana ireo mpandray anjara resy lahatra any amin'ny fokontany	Ny kaominna nahavita fiofanana miaraka amin'ireo efa resy lahatra	Tsy fisian'ny fifampitondrana ahitana tatratra miralenta	MIralenta ny lahy sy ny vavy manerana ny kaominina	Marsa 2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY						
Vonjy taitra						
Tsy fisian'ny toeram-ponenana manaram-penitra	Fanentanana ny mponina hanangana trano amin'ny tafo fanitso sy taila	FOkonolona ;kaominina;fokontany	Fahabetsahan'ny trano mitafo bozaka	MIhatsara ny toeram-ponenana	Mai 2012	
Fanaovana aro afo ny tanàna mba hiarovana amin'ny doro tanety	Fanetsehana ireo rantana na komity amin'izany	KMDT(Komity Miady amin'ny Doro Tanety;mpitandro filaminana; fokontany ; kaominina	Tsy fahazahoana antoka ny tanàna amin'ny loza ateraky ny afo	Voaaro ny tanàna rehetra	Desambra 2011	
Toe karena sy famoronana asa						
Lahy sy vavy mitovy lenta eo amin'ny fahaiza-manao ;eo amin'ny fihariana fototra ety ambanivohitra	Fanomezana fiofanana ny vehivavy amin'ny karazana asa rehetra	Ny kaominina;ny CSA;DRDR;ireo mpisehatra ara-toe-karena rehetra	Tsy fisian'ny vehivavy mandray anjara rehefa misy ny fiofanana na atrikas aara-toe-karena sy ny famokarana eto anivon'ny kaominina	Fahamaroan'ny vehivavy nahavita fiofanana 50% n'ireo liana	Janoary 2012	
	Tsy atomboka ny atrikasa raha tsy mahafeno antsasa-manila ny vehivavy	Ny kaominina;ny CSA;DRDR;ireo mpisehatra ara-toe-karena rehetra	Tsy fisian'ny vehivavy mandray anjara rehefa misy ny fiofanana na atrikas aara-toe-karena sy ny famokarana eto	50%n'ny mpiatrikasa tokony ho vehivavy	Febroary 2012	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	tonga		anivon'ny kaominina			
Fitadiavana fanampiana amin'ny fanaovan-dalana hatao asa tana-maro	Fanamaroana ny vehivavy rehefa misy ny asa tanamaro	Kaominina;FER.	Fiheverana fa tsy afaka mitàna angady sy borety ny vehivavy	50%n'ny mpiasa an-tselika tokony ho vehivavy	Novambra 2011	
Fampifanatonana ireo fikambanam-behivavy amin'ny mpandraharaha any ivelany amin'izay mety ho fiaraha-miasa azo atao	Fiantsoan'ny kaominina mpandraharaha na ONG afaka miara-miasa amin'ny fikambanana	Kaominina;mpandraharaha;ONG mpanampy amin'ny fanelanelanana;ireo CREC efa voatsangana hiasa(Comité de Reflexion Economiques)	Tsy fananan'ny fikambanam-behivavy mpiara-miombon'antoka	Taom-pamokarana2011-2012 50%n'ireo fikambanam-behivavy nahazo fankatoavana manana mpiara-miombon'antoka	Novambra 2011	
Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy(Soumission et contraction d'appels d'offres)						
Fiantsoana tolotrasa na tolobidy mifanaraka amin'ny miralenta	Fampidirana ny miralenta eo amin'ny fiantsoana fandraisana mpiasa ao amin'ny kaominina na fokontany na sehatra samihafa	Kaominina ;fokontany ;mpandrahara mpandray mpiasa	Fanaovana tsinotsinona ny vehivavy eo amin'ny fifaninana arakasa	Voalaza ao amin'ny tolotrasa sy ireo fandraisana mpiasa isan-karazany ny tsy fanavahana amin'ny maha-lahy na maha-vavy	Novambra 2011	
	Fahafantarana ireo	Kaominina ;fokontany	Tsy fahafantarana ny ambaratongam-	Fantatra ny antontan'isa ho an'ireo vehivavy manana farim-pahaizana		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDR AIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	vehivavy nahita fianarana isaky ny ambaratongany		pianarana nolalovan'ny ankabezan'ny vehivavy	isa'ambaratongany		
Famongorana ny fahantrana						
➢ -Foana ny toe-tsaina raiki-tapisaka amin'ny tsy fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy ➢ -Mandray anjara eo amin'ny seham-pihariana ny vavy sy mahy ➢ -Fiovan'ny toe-tsain'ny rehetra mba hampivoatra ny farim-piainana ka hiala amin'ny fomba mahazatra tsy mahomby ➢ -Fampiasana ho manarakandro ireo paikady novolavolaina hialàna amin'ny fahantrana	➢ -Fampidirana ny mpanentana ho olom-pirenena vanona handray andraikitra amin'ny fanovàana toe-tsaina raiki-tapisaka ➢ -Fanampiana ireo fikambanam-behivavy liana amin'ny fambolena oviala ➢ -Fampiofanana ny mponina tsy ankanavaka amin'ireo teknika vaovao eo amin'ny fambolena sy fiompiana ary fampianarana azy ireo tsy hiononona fotsiny amin'ny voly mahazatra f amba amin'ireo voly fivarotra sy fanondrana. ➢ -Fanisana ho manarakandro	Kaominina;olona manana fahaizana manokana momba ny fanatonana ireo marefo;fokontany ;ONG	○ Faharefoan'ny toe-tsaina ○ Fahazarana omena fotsiny ○ Tsy fananana antontan'isa mazava momba ny marefo ○ Tsy fahampian'ny fiofanana ○ Tsy fananan'ny fikambanam-behivavy drafitrasa maty paika sy masomboly oviala hambolenna	○ MIova ny toe-tsaina ○ Azo ny antontan'isaan'ireo marefo ○ AMpy ny fiofanana ary ampiharina ○ voazara masomboly oviala ny 50%n'ny fikambanam-behivavy	Novambra 2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDR AIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	ireo isan'ny tokantrano marefo hahazahoana mandrefy sy manombana ary manara-maso ny fivoatry ny fiainany					
Fanohanana ny asa fandraharahana						
Fitadiavana lalam-barotra tsara ho an'ireo voly avotra	Fampitomboana ny karazana voly avotra hahazahoana tsena	Kaominina ;mpandraharaha	Ratsy vidy ny voly avotra	Miakatra 20% ny vidim-bokatra voly avotra	Martsa 2012	
	Fanatsarana ny kalitao	Kaominina ;mpamboly;FOFIFA	Ratsy ny karazana masomboly	Mahazo masomboly voafantina	Desambra 2011	
Fanetsehana ny harena ankibon'ny tany	▪ Fanomezana karatra fahazahoana mitrandraka volamena ho an'ireo mpitrandraka madinika ▪ Fifampiraharaha na eo amin'ny kaominina sy ny mpividy volamena ny amin'ny	Kaominina;services des mines Kaominina;services des mines;mpandraharaha	▪ Tsy manaram-penitra ny fitrandrahana volamena ▪ Tsy misy ny tamberim-bidy azon'ny kaominina	▪ Matihanina ny 80%n'ny mpitrandraka ary mahazo karatra ▪ Mitombo 50% ny vola miditra ao amin'ny kaominina momba ny harena ankibon'ny tany	Desambra 2011	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDR AIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	tamberim-bidy haloany					
Sehatr'asa tsy manara-penitra						
Tsenam-barotra	Fanatsarana ny fidiram-bola isan-tokantrano FItadiavana mpamatsy vola hividy nyvokatra rehefa fararano Fampivondronana ireo mpivarotra ao anaty kaoperativa mba ho fiarovana ny zony eo amin'ny vidim-bokatra	Ministeran'ny varotra Ministeran'ny asa kaominina	Fahasimban'ny tsena Fahamoran'ny vidim-bokatra Fanararaotan'ireo mpanangom-bokatra	HO tsara ny vidim-bokatra ka hazoto hamokatra ny tantsaha	Avrily 2012	
INFRASTRUCTURE						
Toeram-ponenana						
